**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
*Tanindrazana- Fahafahana - Fandrosoana*

# LOI n° 2003-021

**ratifiant l'Ordonnance n°2002-003 du 25 novembre 2002 ayant autorisé la ratification de l'Accord de Crédit conclu le 15 novembre 2002 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement relatif au CREDIT D'URGENCE DE REDRESSEMENT ECONOMIQUE - CREDIT N°3716-MAG**

## EXPOSE DE MOTIFS

Suite à la dissolution de l'Assemblée nationale prononcée par décret n° 2002-1200 du 09 octobre 2002, la Haute Cour Constitutionnelle a exprimé l'avis n°002-HCC/AV du 18 octobre 2002 (J.O du 21 octobre 2002) selon lequel, en vertu du principe de la continuité de l'Etat, le Président de la République pouvait légiférer par voie d'ordonnance en matière financière jusqu'à la mise en place de l'Assemblée nationale et que les Ordonnances prises devraient être soumises à la ratification du Parlement, en application de l'article 96 de la Constitution.

Afin d'atténuer les effets néfastes de la crise traversée par le pays en 2002 et de relancer les activités économiques, l'Association Internationale de Développement lui a octroyé un crédit de TRENTE HUIT MILLIONS DE DROITS DE TIRAGES SPECIAUX (38 000 000 DTS) , soit environ CINQUANTE MILLIONS DE DOLLARS (50 000 000 USD).

La ratification de cet Accord de Crédit a été autorisée par l'Ordonnance n°2002-003 du 25 novembre 2002 pour laquelle la ratification du Parlement est sollicitée.

Aux termes de l'article 82.3 paragraphe VIII de la Constitution, « la ratification ou l'approbation des traités… qui engagent les finances de l'Etat,… doit être autorisée par la Loi ».

Tel est, l'objet de la présente Loi

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
***Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana***

# LOI n° 2003 - 021

**ratifiant l'Ordonnance n° 2002-003 du 25 novembre 2002 ayant autorisé la ratification de l'Accord de Crédit conclu le 15 novembre 2002 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement relatif au CREDIT D'URGENCE DE REDRESSEMENT ECONOMIQUE - CREDIT N°3716-MAG**

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté en leur séance respective en date du 21 juillet 2003 et du 30 juillet 2003, la Loi dont la teneur suit :

**Article premier.**- Est ratifiée, l'Ordonnance n° 2002-003 du 25 novembre 2002 ayant autorisé la ratification de l'Accord de Crédit conclu le 15 novembre 2002 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement relatif au CREDIT D'URGENCE DE REDRESSEMENT ECONOMIQUE d'un montant de TRENTE HUIT MILLIONS DE DROITS DE TIRAGES SPECIAUX (38 000 000 DTS), soit l'équivalent de CINQUANTE MILLIONS DE DOLLARS (50 000 000 USD), Crédit n° 3716-MAG.

**Article 2**.- La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République.

Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

**Antananarivo, le 30 juillet 2003**

**LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,**

**LAHINIRIKO Jean**

**LE PRESIDENT DU SENAT,**

**RAJEMISON RAKOTOMAHARO**

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
***Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana***

# LALANA LAHARANA FAHA- 2003-021

Ankatoavana ny Hitsivolana laharana faha-2002-003 tamin'ny 25 novambra 2002 anomezan-dalana ny fankatoavana ny Fifanarahana Fampisamboram-bola tamin'ny 15 novambra 2002 nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Fampandrosoana mikasika ny Fampisamboram-bola noho ny Hamehana ho Fanarenana ny Toekarena FAMPISAMBORAM-BOLA LAHARANA FAHA-3716-MAG

## FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Taorian'ny fanafoanana ny Antenimierampirenena araka ny voalazan'ny didim-panjakana laharana faha-2002-1200 tamin'ny 9 oktobra 2002, ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana dia nanambara tamin'ny heviny laharana faha- 002-HCC/AV ny faha 18 oktobra 2002 (Gazetim-panjakan'ny Repoblika tamin'ny 21 oktobra 2002) fa araka ny fenitry ny fitohizam-panjakana, ny Filohan'ny Repoblika dia afaka manao lalàna amin'ny alalan'ny hitsivolana eo amin'ny lafiny fitantanam-bola mandra-pametrahana amin'ny toerany ny Antenimierampirenena ary izany Hitsivolana izany dia tokony hankatoavin'ny Antenimiera, ho fampiharana ny andininy faha 96-n' ny Lalàmpanorenana.

Mba hahazoana mampihena ny fiantraikan'ny zava-tsarotra izay nandalovan'ny firenena tamin'ny taona 2002 ary anomezana ainga vao ny fiharian-karena, ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Fampandrosoana dia nanome fampisamboram-bola mitentina VALO AMBY TELOPOLO TAPITRISA DROIT DE TIRAGES SPÉCIAUX (38 000 000 DTS) izany hoe sahabo ho DIMAMPOLO TAPITRISA DOLARA AMERIKANA (50 000 000 USD).

Ny fankatoavana io Fifanarahana Fampisamboram-bola io dia nahazoana alalana araka ny Hitsivolana laharana faha-2002-003 tamin'ny 25 novambra 2002 izay hilana ny fankatoavan'ny Antenimiera.

Araka ny voalazan'ny andininy faha-82.3, paragrafy faha VIII ao amin'ny Lalampanorenana « Tsy maintsy lalana no manome alalana hankatoavana na hanekena ny… fifanarahana… izay mampiditra andraikitra ho efaina amin'ny volam-panjakana… ».

Izany sy izany, no antonanton'ity Lalana ity.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
***Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana***

# LALANA LAHARANA faha- 2003 - 021

Ankatoavana ny Hitsivolana laharana faha-2002-003 tamin'ny 25 novambra 2002 anomezan-dalana ny fankatoavana ny Fifanarahana Fampisamboram-bola tamin'ny 15 novambra 2002 nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Fampandrosoana mikasika ny Fampisamboram-bola noho ny Hamehana ho Fanarenana ny Toekarena FAMPISAMBORAM-BOLA LAHARANA FAHA-3716-MAG

Nolanian'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona tamin'ny fivoriana izay nataony avy ny faha- 21 jolay 2003 sy ny faha-30 jolay 2003 izao Lalàna manaraka izao :

**Andininy voalohany.-** Ankatoavina ny Hitsivolana laharana faha-2002-003 tamin'ny 25 novambra 2002 anomezan-dalana ny fankatoavana ny fifanarahana fampisamboram-bola tamin'ny 15 novambra 2002 nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Fampandrosoana mikasika ny Fampisamboram-bola noho ny Hamehana ho Fanarenana ny Toekarena izay mitentina VALO AMBY TELOPOLO TAPITRISA DROITS DE TIRAGES SPECIAUX (38 000 000 DTS), izany hoe sahabo ho DIMAMPOLO TAPITRISA DOLARA AMERIKANA (50 000 000 USD), fampisamboram-bola laharana faha 3716-MAG.

**Andininy faha-2.-** Havoaka amin'ny gazetim-panjakan'ny Repoblikan'i Madagasikara izao Lalàna izao.

Hankatoavina izany fa Lalàm-panjakana.

**Antananarivo, faha- 30 jolay 2003**

**NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, NY FILOHAN'NY ANTENIMIERANDOHOLONA ,**

**LAHINIRIKO Jean** **RAJEMISON RAKOTOMAHARO**

Département juridique
**PROJET CONFIDENTIEL**
**TRADUCTION NON OFFICIELLE**
**DU TEXTE ANGLAIS ORIGINAL**
**QUI SEUL FAIT FOI**
**(Susceptible de modifications)**
**16 octobre 2002**
**RSoopramanien**

**CRÉDIT NUMÉRO ____MAG**

# Accord de Crédit de Développement

**(Crédit d'urgence de redressement économique)**

**entre**

**LA RÉPUBLIQUE DE MADAGASCAR**

**et**

**L'ASSOCIATION INTERNATIONALE DE DÉVELOPPEMENT**

**En date du 2002**

TRADUCTION NON OFFICIELLE DU TEXTE ANGLAIS ORIGINAL QUI SEUL FAIT FOI

**CRÉDIT NUMÉRO ____MAG**

## ACCORD DE CRÉDIT DE DÉVELOPPEMENT

ACCORD, en date du ______________________ 2002 entre la RÉPUBLIQUE DE MADAGASCAR (l'Emprunteur) et l'ASSOCIATION INTERNATIONALE DE DÉVELOPPEMENT (l'Association).

ATTENDU QUE A) L'Emprunteur a transmis une lettre de politique de redressement économique et social à l'Association, en date du ____________________, dans laquelle il décrit en détail le programme de redressement d'urgence visé à l'Annexe 2 du présent Accord (ci-après désigné « le Programme »), et déclare s'engager à exécuter le Programme ;

ATTENDU QUE B) l'Emprunteur, s'étant assuré que le Projet décrit dans l'Annexe 2 au présent Accord est faisable et prioritaire, a demandé à l'Association de contribuer à son financement ; et

ATTENDU QUE l'Association a accepté, à la suite notamment de ce qui

précède, d'accorder à l'Emprunteur un Crédit aux conditions stipulées dans le présent Accord ;

PAR CES MOTIFS, les parties au présent Accord se sont convenues de ce qui suit :

## ARTICLE I

### Conditions Générales ; Définitions

Section 1.01. Les « Conditions Générales Applicables aux Accords de Crédit de Développement » de l'Association, en date du 1er janvier 1985 (telles qu'amendées au 6 octobre 1999) font partie intégrante du présent Accord.

Section 1.02. À moins que le contexte ne requière une interprétation différente, les termes définis dans les Conditions Générales et dans le Préambule du présent Accord ont les significations données dans lesdites Conditions Générales et ledit Préambule. En outre, les termes ci-après ont les significations suivantes :

a) le terme « Compte de Dépôt » désigne le compte visé à la Section 2.02 (b) du présent Accord ;

b) le sigle « FMG » désigne le Franc Malgache, qui est la monnaie de

l'Emprunteur.

## ARTICLE II

### Le Crédit

Section 2.01. L'Association consent à l'Emprunteur, aux conditions stipulées ou visées dans l'Accord de Crédit de Développement, un Crédit en monnaies diverses d'un montant équivalant à trente millions de Droits de Tirage Spéciaux (DTS 38 000 000).

Section 2.02. a) Le montant du Crédit peut être retiré du Compte de Crédit, conformément aux dispositions de l'Annexe 1 du présent Accord, au titre des dépenses effectuées (ou, si l'Association y consent, des dépenses à effectuer) pour régler le coût raisonnable des fournitures nécessaires au Projet, et devant être financés sur les fonds du Crédit.

b) L'Emprunteur ouvre, aux fins du Projet, avant de communiquer à l'Association la première demande de retrait du Compte du Crédit, puis conserve auprès de sa Banque Centrale, un compte de dépôt à des conditions jugées satisfaisantes par l'Association. Tous les retraits du Compte de Crédit sont versés par l'Association au Compte de Dépôt.

Section 2.03. La Date de Clôture sera le mercredi 31 décembre 2003 ou toute autre date ultérieure déterminée par l'Association et communiquée à l'Emprunteur dans les meilleurs délais.

Section 2.04. a) L'Emprunteur versera à l'Association une commission d'engagement sur le principal du Crédit non retiré, à un taux qui est fixé par l'Association le 30 juin de chaque année, étant entendu que ce taux ne peut dépasser un demi de un pour cent (1/2 de 1 %) par an.

b) La commission d'engagement court : i) de la date tombant soixante jours après la date du présent Accord (la date d'effet) jusqu'aux dates respectives auxquelles des montants sont retirés du Compte de Crédit par l'Emprunteur ou sont annulés ; et ii) au taux fixé le 30 juin précédant immédiatement la date d'effet ou à tous autres taux fixés ultérieurement conformément au paragraphe (a) ci-dessus. Le taux fixé le 30 juin de chaque année est applicable à compter de la date de versement suivante de l'année en cause, telle que spécifiée à la Section 2.06 du présent Accord.

c) La commission d'engagement est versée: i) aux lieux que l'Association peut raisonnablement demander ; ii) sans restrictions d'aucune sorte imposées par l'Emprunteur ou sur le territoire de l'Emprunteur ; et iii) dans la monnaie spécifiée dans le présent Accord aux fins d'application de la Section 4.02 des Conditions Générales ou dans toute(s) autre(s) monnaie(s) acceptable(s) pouvant être désignée(s) ou choisie(s) en vertu des dispositions de ladite Section.

Section 2.05. L'Emprunteur verse à l'Association une commission de service au taux annuel de trois quarts de un pour cent (3/4 de 1 %) sur le principal du Crédit retiré et non encore remboursé.

Section 2.06. Les commissions d'engagement et de service sont payables semestriellement le 15 avril et le 15 octobre de chaque année.

Section 2.07. a) Sous réserve des paragraphes (b), (c) et (d) ci-après, l'Emprunteur rembourse le principal du Crédit par échéances semestrielles payables le 15 avril et le 15 octobre de chaque année, à compter du 15 avril 2013, la dernière échéance étant payable le 15 octobre 2042. Chaque échéance, jusqu'à celle du 15 octobre 2022 comprise, est égale à un pour cent (1 %) dudit principal, et chaque échéance postérieure est égale à deux pour cent (2 %) dudit principal.

b) Toutes les fois : i) que le produit national brut (PNB) par habitant de l'Emprunteur, tel que déterminé par l'Association, est supérieur pendant trois années consécutives au plafond d'accès aux ressources de l'Association, fixé chaque année par l'Association ; et ii) que la Banque considère que l'Emprunteur a une surface financière suffisante pour pouvoir emprunter à la Banque, l'Association peut, après examen par les Administrateurs de l'Association et avec leur accord, une fois qu'ils ont dûment tenu compte du niveau de développement économique de l'Emprunteur, modifier les conditions de paiement des échéances énoncées au paragraphe (a) ci-dessus en :

A) demandant que l'Emprunteur rembourse le double du montant de chaque échéance non encore exigible jusqu'à ce que le

principal du Crédit ait été remboursé ; et

B) demandant à l'Emprunteur de commencer à rembourser le principal du Crédit à compter de la première échéance semestrielle visée au paragraphe (a) ci-dessus qui tombe six mois ou plus après la date à laquelle l'Association a notifié à l'Emprunteur que les faits stipulés au présent paragraphe (b) se sont produits ; il est toutefois entendu qu'il y aura un délai de grâce minimal de cinq ans avant ledit remboursement du principal.

c) Si l'Emprunteur en fait la demande, l'Association peut réviser la modification visée au paragraphe (b) ci-dessus pour remplacer tout ou partie de l'augmentation du montant desdites échéances par le paiement d'un intérêt à un taux annuel convenu avec l'Association sur le montant en principal du Crédit retiré et non encore remboursé, à condition que, de l'avis de l'Association, ladite révision ne modifie en rien l'élément de don résultant de la modification des conditions de remboursement susmentionnée.

d) Si, à tout moment après que les conditions de remboursement ont été modifiées conformément au paragraphe (b) ci-dessus, l'Association détermine que la situation économique de l'Emprunteur s'est sensiblement détériorée, l'Association peut, à la demande de l'Emprunteur, modifier à nouveau les conditions de remboursement de manière à respecter l'échéancier prévu au paragraphe (a) ci-dessus.

Section 2.08. La monnaie des États-Unis d'Amérique est désignée par les

présentes aux fins d'application de la Section 4.02 des Conditions Générales.

## ARTICLE III

## Exécution du Projet

Section 3.01. L'Emprunteur déclare qu'il souscrit pleinement aux objectifs du Projet, tels que décrits dans l'Annexe 2 du présent Accord, et, à cette fin, exécute le Projet, avec la diligence et l'efficacité voulues et selon des méthodes financières, techniques, administratives et environnementales appropriées; il fournit, au fur et à mesure des besoins, les fonds, les infrastructures, les services et autres ressources nécessaires au Projet.

Section 3.02. À moins que l'Association n'en convienne autrement, la passation des marchés de fournitures nécessaires au Projet et devant être financés sur les fonds du Crédit est régie par les dispositions de l'Annexe3 du présent Accord.

## ARTICLE IV

### Clauses Particulières

Section 4.01. a) L'Emprunteur et l'Association procèdent périodiquement, à la demande d'une partie ou de l'autre, à des échanges de vue sur l'avancement de l'exécution du Programme.

b) Avant chacun desdits échanges de vues, l'Emprunteur communique à l'Association, pour examen et observations, un rapport sur l'avancement de l'exécution du Programme, dont le degré de détail a été raisonnablement fixé par l'Association.

c) Sans préjudice des dispositions du paragraphe (a) de la présente Section, l'Emprunteur procède à des échanges de vues avec l'Association sur toute mesure qu'il est envisagé de prendre après le décaissement des fonds du Crédit, qui aurait pour effet de contrecarrer substantiellement les objectifs du Projet, ou toute mesure prise dans le cadre du Projet.

Section 4.02. À la demande de l'Association, l'Emprunteur :

a) fait vérifier le Compte de Dépôt conformément à des principes d'audit appropriés et systématiquement appliqués, par des auditeurs indépendants jugés acceptables par l'Association ;

b) communique à l'Association dès que disponible, mais dans tous les

cas au plus quatre (4) mois après la date à laquelle l'Association a demandé ledit audit, une copie certifiée du rapport dudit audit par lesdits auditeurs, dont la portée et le degré de détail ont été raisonnablement fixés par l'Association ; et

c) fournit à l'Association toute autre information concernant le Compte de Dépôt et son audit que l'Association peut raisonnablement demander.

## ARTICLE V

### Recours de l'Association

Section 5.01. Aux fins d'application de la Section 6.02 (l) des Conditions Générales, le fait ci-après est également spécifié, à savoir : il s'est produit une situation extraordinaire qui rend improbable l'exécution du Programme ou d'une partie substantielle dudit Programme.

## ARTICLE VI

### Expiration

Section 6.01. La date tombant quatre-vingt-dix (90) jours après la date du présent Accord est spécifiée par les présentes aux fins d'application de la Section 12.04 des Conditions Générales.

## ARTICLE VII

### Représentation de l'Emprunteur ; Adresses

Section 7.01. Le Ministre des Finances de l'Emprunteur est le représentant de l'Emprunteur aux fins d'application de la Section11.03 des Conditions Générales.

Section 7.02. Les adresses ci-après sont spécifiées aux fins d'application de la Section 11.01 des Conditions Générales :

Pour l'Emprunteur :

Ministère de l'Économie, des Finances et du Budget
B.P. 61

Antananarivo 101
Madagascar

Adresse télégraphique: Télécopie:

MFB (261) 20 22 34530
Antananarivo

Pour l'Association :

Association Internationale de Développement
Washington, D.C. 20433
États-Unis d'Amérique

Adresse télégraphique : Télex : Télécopie :
INDEVAS 248423 (MCI) ou (202) 477-6391
Washington, D.C. 64145 (MCI)

EN FOI DE QUOI les parties du présent Accord, agissant par l'intermédiaire de leurs représentants dûment habilités à cet effet, ont fait signer le présent Accord en leurs noms respectifs à ______________________, _______________ , les jour et an mentionnés ci-dessus.

RÉPUBLIQUE DE MADAGASCAR

Par

Représentant Habilité

ASSOCIATION INTERNATIONALE DE DÉVELOPPEMENT

Par

Vice-Président
Région Afrique

* L'Accord de Crédit est signé dans son texte original en anglais.

## ANNEXE 1

### Retrait des Fonds du Crédit

1. Le tableau ci-dessous indique les Catégories de dépenses à financer au moyen du Crédit, le montant du Crédit affecté à chaque Catégorie et le pourcentage de dépenses dont le financement est autorisé dans chaque Catégorie :

| Catégorie | Montant du Crédit Affecté (Exprimé en DTS) | Pourcentage de dépenses financé |
|---|---|---|
| 1) Importations dont le financement est autorisé comme indiqué dans l'Appendice à la présente Annexe 1 | 38 000 000 | 100 % des dépenses en devises |
| TOTAL | 38 000 000 | |

2. Aux fins de la présente Annexe, l'expression « dépenses en devises » désigne les dépenses effectuées dans la monnaie de tout pays autre que celui de l'Emprunteur pour des fournitures provenant du territoire de tout pays autre que celui de l'Emprunteur

3. Nonobstant les dispositions du paragraphe 1 ci-dessus, aucune somme ne peut être retirée pour régler :

a) des dépenses effectuées avant la date du présent Accord; il est toutefois entendu que des retraits, à hauteur d'un montant global ne dépassant pas la contre-valeur de 7 600 000 DTS, peuvent être effectués pour des dépenses

encourues avant cette date mais après le 15 juillet 2002.

b) des dépenses au titre de fournitures obtenues en vertu de marchés d'un montant inférieur à la contre-valeur de USD 20 000.

c) des dépenses au titre de fournitures obtenues en vertu d'un marché qu'une organisation ou une institution financière nationale ou internationale autre que l'Association a financé ou accepté de financer ou que l'Association a financé ou accepté de financer au titre d'un autre Crédit ;

d) sauf autorisation préalable de l'Association, les dépenses d'un montant supérieur à un montant total représentant cinquante pour cent (50%) du montant du Crédit pour l'une quelconque des catégories d'importations dont le financement est autorisé, et indiquées dans l'Appendice de la présente Annexe ;

e) des dépenses se rapportant à des fournitures destinées à des fins militaires ou paramilitaires ou à la consommation de luxe et à des fournitures d'occasion ;

f) des dépenses se rapportant à des fournitures nuisibles à l'environnement (aux fins du présent paragraphe, l'expression « fournitures nuisibles à l'environnement » désigne les fournitures dont la fabrication, l'utilisation ou l'importation sont interdites par les lois de l'Emprunteur ou les accords internationaux auxquels l'Emprunteur est partie) ;

g) des dépenses i) encourues sur le territoire de tout pays qui n'est pas un Pays membre de la Banque ou pour régler des fournitures ou des services provenant desdits territoires ; ou ii) pour tout règlement à des personnes physiques ou morales, ou pour toute importation de fournitures, si ledit règlement ou ladite importation est interdit en application d'une décision prise par le Conseil de Sécurité des Nations Unies au titre du Chapitre VII de la Charte des Nations Unies ; et

h) de dépenses afférentes à un marché au titre duquel l'Association détermine que des représentants de l'Emprunteur ou d'un bénéficiaire du Crédit se sont livrés à des pratiques de corruption ou à des manœuvres frauduleuses, au stade de la passation ou de l'exécution dudit marché, sans que l'Emprunteur ait pris en temps voulu des mesures appropriées, jugées satisfaisantes par l'Association, pour remédier à la situation.

4. L'Association peut demander que les retraits du Compte de Crédit soient effectués sur la base de relevés de dépenses pour régler des fournitures obtenues en vertu de marchés d'un coût inférieur à la contre-valeur de USD 2 000 000 chacun, aux conditions notifiées par l'Association à l'Emprunteur.

## APPENDICE A L'ANNEXE 1

**Catégories d'importations dont le financement est autorisé dans le cadre du Crédit**

1. Matériaux de construction tels que ciment et matières premières
2. Fournitures médicales et produits pharmaceutiques
3. Produits de base tels qu'hydrocarbures, combustibles secondaires et métaux
4. Engrais et intrants agricoles, à l'exclusion de pesticides
5. Equipements de transport

## ANNEXE 2

### Description du Projet

Le Projet a pour objet de contribuer à un programme de redressement conçu pour assurer la stabilité macroéconomique, reconstruire les actifs physiques et rétablir les activités économiques et sociales, suivant la crise socio-politique qui a frappé le territoire de l'Emprunteur à la suite des élections présidentielles contestées de décembre 2001, en finançant des importations figurant sur la liste positive des produits considérés nécessaires à l'exécution du programme.

Le Projet consiste à financer les importations nécessaires d'une manière urgente, comme indiqué à l'Appendice de l'Annexe 1 du présent Accord, sous réserve des modifications que l'Emprunteur et l'Association peuvent convenir d'apporter à ladite liste en vue d'atteindre ledit objectif.

* * *

L'achèvement du Projet est prévu pour le 31 juillet 2003.

# ANNEXE 3

## Passation des Marchés

Section I. Passation des Marchés de Fournitures

Partie A : Généralités

Les marchés de fournitures sont passés conformément aux dispositions de la Section I des « Directives Concernant la Passation des Marchés Financés par les Prêts de la BIRD et les Crédits de l'IDA», publiées par la Banque en janvier 1995 et révisées en janvier et août 1996, septembre 1997 et janvier 1999 (les Directives), et aux dispositions ci-après de la Section I de la présente Annexe.

Partie B : Appel d'Offres International

1. Sous réserve des dispositions de la Partie C de la présente Annexe, les marchés de fournitures sont attribués conformément aux dispositions des paragraphes 2.63 et 2.64 des Directives et du paragraphe 5 de l'Annexe 1 desdites Directives.

2. La disposition ci-après s'applique aux marchés de fournitures devant être attribués conformément aux dispositions du paragraphe 1 de la présente Partie B.

Regroupement des Marchés

Dans la mesure du possible, les marchés de fournitures sont regroupés en lots d'un coût estimatif équivalant à 100 000 Dollars ou plus chacun.

Partie C : Autres Procédures de Passation des Marchés

1. Produits de base

Les produits de base couramment échangés peuvent être achetés sur les marchés internationaux organisés de produits de base ou par appel à la concurrence, selon des procédures jugées acceptables par l'Association, conformément aux dispositions du paragraphe 2.65 des Directives.

2. Consultation de Fournisseurs à l'Échelon International

Les marchés de fournitures (autres que les produits de base visés au paragraphe 1 de la présente Partie) dont le coût estimatif est inférieur à la contre-valeur de 100 000 Dollars par marché, peuvent être passés sur la base de procédures de consultation de fournisseurs à l'échelon international, conformément aux dispositions des paragraphes 3.5 et 3.6 des Directives.

3. Secteur privé

Les fournitures importées par le secteur privé (autres que les produits de base visés au paragraphe 1 de la présente Partie) peuvent être achetées selon des méthodes commerciales établies jugées satisfaisantes par l'Association.

Partie D : Examen par l'Association des Décisions Concernant la

Passation des Marchés

1. Examen Préalable

Les procédures décrites aux paragraphes 2 et 3 de l'Annexe 1 aux Directives s'appliquent à tout marché de fournitures dont le coût estimatif est égal ou supérieur à la contre-valeur de 2 000 000 Dollars.

2. Examen a posteriori

Les procédures décrites au paragraphe 4 de l'Annexe 1 aux Directives s'appliquent à tout marché qui n'est pas régi par le paragraphe 2 de la présente Partie.

**Departemanta momba ny lalàna**
**Tetikasa tsiambaratelo**
**Dikan-teny tsy ofisialy**
**ny matoan'ny rijan-teny amin'ny teny anglisy**
**Izay hany azo itokiana**
**(mety hisy fanovàna)**
**16 oktobra 2002**
**RS oopramanien**

**FAMPISAMBORAM-BOLA LAHARANA FAHA-___________MAG**

**FIFANARAHANA FAMPISAMBORAM-BOLA HO AMIN'NY FAMPANDROSOANA**

(Fampisamboram-bola maika hanarenana ny toekarena)

**Ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara**

Sy

Ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Fampandrosoana

**Tamin'ny 2002**

DIKAN-TENY TSY OFISIALY NY MATOAN'NY RIJAN-TENY AMIN'NY TENY ANGLISY IZAY HANY AZO ITOKIANA

FAMPISAMBORAM-BOLA LAHARANA FAHA-________MAG

FIFANARAHANA FAMPISAMBORAM-BOLA HO AMIN'NY FAMPANDROSOANA

FIFANARAHANA tamin'ny _________________________2002 ifanaovan'ny REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA (ny Mpisambotra) sy ny FIKAMBANANA IRAISAM-PIRENENA MOMBA NY FAMPANDROSOANA (ny Fikambanana).

SATRIA A) ny Mpisambotra nandefa tamin'ny Fikambanana taratasy iray momba ny politika hoenti-manarina ny toekarena sy ny sosialy tamin'ny _____________________, taratasy izay amariparitany amin'ny antsipiriany ny fandaharanasa fanarenana maika voalaza ao amin'ny Tovana 2 amin'izao Fifanarahana izao (antsoina manaraka etoana hoe "Ny Fandaharanasa") sy anambaràny fa miantoka ny fanatanterahana ny Fandaharanasa izy,

SATRIA B) ny Mpisambotra, rahefa naka toky fa azo tanterahina sy lohalaharana ny Tetikasa voalaza ao amin'ny Tovana 2 amin'izao Fifanarahana izao, dia nangataka ny Fikambanana mba handray anjara amin'ny famatsiana ara-

bola azy io ; ary

SATRIA ny Fikambanana nanaiky, taorian'izay voalaza etsy aloha indrindra indrindra, hanome ny Mpisambotra Fampisamboram-bola araka ireo fepetra voalaza ato amin'ity Fifanarahana ity ;

NOHO IREO ANTONY IREO, ny andaniny sy ankilany amin'ity Fifanarahana ity dia nifanaiky izao manaraka izao :

## ANDININY VOALOHANY

### Fepetra Ankapobe ; Famaritana

Sokajy 1.01. Ny "Fepetra Ankapobe Fampihatra amin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana nataon'ny Fikambanana tamin'ny 1 janoary 1985 (arak'izay nanovàna azy tamin'ny 6 oktoba 1999)dia tandra vadin-koditr'ity Fifanarahana ity.

Sokajy 1.02. Raha tsy hoe angaha mitaky dikan-teny hafa ny votoatin-

teny, ny teny voalaza ao amin'ny Fepetra Ankapobe sy ao amin'ny Savaranonandron'izao Fifanarahana izao dia manana ny hevi-teny omena ao amin'ireo Fepetra Ankapobe ireo sy io Savaranonando io. Ankoatr'izany, ireto teny voalaza manaraka ireto dia midika toy izao manaraka izao.

a) ny teny hoe "Kaonty Fametraham-bola" dia manondro ny kaonty voalaza ao amin'ny sokajy 2.02(b) amin'izao Fifanarahana izao ;

b) ny fanafohezan-teny "FMG" dia manondro ny Iraimbilanja Malagasy izay vola ampiasain'ny Mpisambotra

## ANDININY II

## Ny Fampisamboram-bola

Sokajy 2.01 Ny Fikambanana dia manaiky hanome ny Mpisambotra araka ny fepetra voalaza na kendrena ao amin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana, Fampisamboram-bola amin'ny lelabola samihafa mitetinà valo amby telopolo tapitrisa Droits de Tirage Spéciaux (DTS 38.000.000)

Sokajy 2.02 a) Ny habetsahan'ny Fampisamboram-bola dia azo alaina ao amin'ny Kaonty Fampisamboram-bola, araka ny fepetra voalazan'ny Tovana 1 amin'ity Fifanarahana ity, amin'ny anaran'ny fandaniam-bola natao (na, raha manaiky izany ny Fikambanana, amin'ny anaran'ny fandaniana mbola hatao), mba hanefana ny vidiny, ara-drariny, ividianana ny kojakoja ilaina amin'ny Tetikasa ary tokony ho vatsiana amin'ny tahirim-bolan'ny Fampisamboram-bola.

b) Alohan'ny hifandraisany amin'ny Fikambanana dia manokatra ny fangatahana voalohany isintonam-bola ao amin'ny Kaonty Fampisamboram-bola ny Mpisambotra, hoenti-manana ny Tetikasa, ary mitahiry ao amin'ny Banky Foibeny, kaonty fametraham-bola iray araka ny fepetra heverin'ny Fikambanana fa mahafa-po. Ny fisintonam-bola rehetra atao amin'ny Kaonty Fampisamboram-bola dia arotsaky ny Fikambanana ao amin'ny Kaonty Fametraham-bola

Sokajy 2.03 Ny Vaninandro Famaranana dia ho ny alarobia 31 desambra 2003 na amin'ny vaninandro hafa aty aoriana faritan'ny Fikambanana ary hampahafantarina ny Mpisambotra ao anatin'ny fe-potoana faran'izay haingana.

Sokajy 2.04. a) Ny Mpisambo-bola dia mandrotsaka amin'ny Fikambanana ny saram-panefana amin'ny renivolan'ny Fampisamboram-bola tsy nosintonina, amin'ny tatao izay feran'ny Fikambanana ny 30 jona isan-taona, nefa

tsy mihoatra ny tatao antsasaky ny iray isan-jato (1/2 amin'ny 1%) isan-taona,

b) ny tambim-piantohana dia arotsaka: i) any amin'ny toerana izay azon'ny Fikambanana angatahina ara-drariny ; ii) tsy misy famemperana na toy inona na toy inona karazany apetraky ny Mpisambotra, na ao amin'ny tanin'ny Mpisambotra; ary ii) amin'ny lelavola voalaza ao anatin'izao fifanarahana izao hoenti-mampihatra ny sokajy 4.02 ao amin'ny fepetra ankapobeny na amin'ny lelavola hafa rehetra azo ekena sy azo tondroina na fidina araka ny fepetra voalazan'io sokajy io.

Sokajy 2.05 - Ny Mpisambotra dia mandrotsaka ho an'ny Fikambanana, tambim-pisahanan-draharaha amin'ny taha isan-taona misanda ny telo ampahaefatry ny iray isan-jato (3/4 amin'ny 1%) amin'ny habetsahan'ny fisamboram-lola nalaina ary tsy mbola noefaina.

Sokajy 2.06 Ny tambim-piantohana sy fisahanan-draharaha dia azo aloa isaky ny enim-bolana ny 15 aprily sy ny 15 oktobra isan-taona.

Sokajy 2.07 a) Na dia eo aza ny paragrafy (b), (c) ary (d) manaraka etoana, ny Mpisambotra dia mamerina ny renivolan'ny vola nosamborina isaky ny enim-bolana, ny 15 aprily sy ny 15 oktobra isan-taona, manomboka 15 aprily 2003 ka ny fandoavam-bola farany dia ny 15 oktobra 2042. Ny Fandoavam-bola tsirairay avy, ka ao amatin'izany ny an'ny 15 oktobra 2022, dia mira ny iray isan-jato n'io renivola io (1%), ary ny fandoavam-bola rehetra aty aoriana dia mira ny roa isan-jaton'io renivola io (2%).

b) Isaky ny: i) mandritra ny telo taona miafanesy, mihoatra ny fara-fetra fampiasna ny loharanom-bolan'ny fikambanana ny harin-karena faobe (PNB)feran'ny fikambanana isan-taona isaky ny mponina ao amin'ny tany Mpisambotra araka izay nofaritan'ny Fikambanana .

ary ii) isaky ny heverin'ny Banky fa manana fahafahana ara-pitantanam-bola ny Mpisambotra hahazoany misambotra amin'ny Banky, dia azon'ny Fikambanana atoa, rehefa nadinika reo Mpitantana ny Fikambanana sy miaraka amin'ny fanekeny, raha vantany vao nojereny tokoa ny lentan'ny fampandrosoana ara-toe-karena ao ami'ny Mpisambotra, ny manova ny fepetra fanefam-bola amin'ny fe-potoana voalaza ao amin'ny paragrafy (a) etsy ambony ka :

A) angatahiny ny Mpisambotra mba hamerina avo

roa heny ny habetsahan'ny vola fandoa isan-potoana mbola tsy azo takiana mandram-pahatafaverina ny tena renivola amin'ny vola samborina ary

B) managataka amin'ny mpisambo-bola hamerina ny renivola nampisamborina manomboka ny figadon'ny fe-potoana voalohany isaky ny enim-bolana voalaza ao amin'ny paragrafy (a) etsy Ambony izay miandoha enim-bolana na mihoatra aorian'ny vaninandro nampahafantarin'ny fikambanana ny Mpisambo-bola fa nisahoan'ny toe-javatra voalaza ao amin'izao paragrafy (b) izao ; na izany aza anefa dia ekena fa hisy ny fe-potoana famindram-po farafahakeliny dimy taona alohan'ny famerenana ny renivola tena notrosaina izany.

c) raha toa ka mangataka izany amin'ny fikambanana ny Mpisambo-bola , dia azon'ny fikambanana dinihina indray ny fanovana voalaza ao amin'ny paragrafy (b) etsy ambony mba hanoloana manontolo na ny ampahany ihany amin'ny fitomboan'ny habetsahan'ny vola tsy maintsy aloha fa migadona ny fe-potoana amin'ny alalan'ny fanefana zana-bola araka ny tatao ifanarahana amin'ny fikambanana momba ny habetsahan'ny vola notrosaina efa nosintonina nefa mbola tsy voaverina, raha toa, araka ny hevitry ny fikambanana, izany fandinihana vaovao izany ka tsy manova na dia kely aza ny fiheverana ny fanomezana ateraky

ny fanovana ny fepetra famerenana voalaza etsy ambony.

d) raha toa, na amin'ny fotoana inona  na amin'ny fotoana inona, rehefa novana araka ny paragrafy (b) etsy ambony ny fepetra famerenana, ka mamaritra ny fikambanana fa miha mitotongana hatrany ny toe-draharaha ara-toekarena eo amin'ny Mpisambo-bola, dia azon'ny fikambanana atao, araka ny fangatahan'ny Mpisambo-bola, ny manova indray ny fepetra famerenana ahafahana manaja ny figadonan'ny fe-potoana fandoavan-trosa voalaza ao ami'ny paragrafy (a) etsy ambony

Sokajy 2.08 Ny volan'i Etas-Unis d'Amerique notondriona amin'izao famarafaran-teny izao mba ho fampiharana ny sokajy 4.02 amin'ny fepetra Ankapobe

## ANDININY III

## Fanatanterahana ny tetikasa

Sokajy 3.01 Ny Mpisabo-bola dia manambara fa mankato tanteraka ny tanjona voalazan'ny tetikasa, araka ny voalaza ao ami'ny tovana 2 amin'izao fifanarahana izao, ary, amin'izany, dia manatanteraka ny tetikasa, ami'nny fahazotoana sy fahombiazana ilaina ary araka ny fombafomba ara-pitantanam-bola sy teknika, ary ara-pitondrana sy araka ny tontolo iainana mifandraika amin'izany; araka izay ilaina izany, dia izy no mamonona ny tahiry, ny fotodrafitrasa, ny

fisahanana asa ary ny loharanom-bola hafa ilaina amin'ny tetikasa.

Sokajy 3.02 Afa tsy raha hoe angaha misy fifanarahana hafa ifanovana amin'ny fikambanana, ny fandraiketana fifanaraham-barotra mikasika ny kojakoja ilaina amin'ny tetikasa ka tsy maintsy vatsiam-bola amin'ny tahirin'ny fampisamboram-bola dia fehezin'ny fepetra voalazan'ny tovana 3 amin'izao fifanarahana izao.

## ANDININY FAHA IV

### Fepetra manokana

Sokajy 4.01 a) Ny Mpisambotra sy ny fikambanana, araka ny fangatahan'ny andaniny na ny ankilany, dia manao fifanakalozan-kevitra isam-banim-potoana mikasika ny firosoan'ny fanatanterahana ny Fandaharana.

b) Mialoha ny fifanakaloan-kevitra tsirairay avy dia ampitain'ny Mpisambotra any amin'ny Fikambanana mbaho dinihiny sy anaovany filazalazana, ny tatitra iray mikasika ny firoson'ny fanatanterahana ny fandaharana, ka ny filazalazana ny antsipirihany dia efa noferan'ny Fikambanana araka ny tokony ho izy .

c) Tsy tohinina ny fepetra voalazan'ny paragrafy (a) amin'izao sokajy izao fa manao fifanakalozan-kevitra amin'ny Fikambanana ny mpisambotra mikasika ny fepetra rehetra heverina horaisina aorian'ny famoahana ny vola samborina , fepetra izay mety hitsivalana mavesatra ny tanjon'ny tetikasa, na izay fepetra rehetra noraisina mikasika ny tetikasa.

Sokajy 4.02 Araka ny fangatahan'ny Fikambanana , ny Mpisambotra :

a) dia mamapanao fanamarinana ny kaonty fametraham-bola araka ny fenitra ny fanamarinana sahaza izany sy ampiharin'ny mpanao fanamarinana mahaleontena heverin'ny Fikambanana fa azo ekena hatrany hatrany

b) mampahafantatra ny fikambanana raha vao azony atao izany, kanefa na manao ahoana na manao ahoana efa-bolana (4) raha ela indrindra aorian'ny vaninandro nagatahin'ny fikambanana io fanamarinana io, kopia iray voamarina fa mitovy amin'ny tatitra momba io fanamarinana io nataon'ireo mpanao fanamarinana ireo ka ny voasahany sy ny fiantsipiriany dia efa noferan'ny fikambanana araka ny tokony ho izy; ary,

c) manome ny Fikambanana izay zavatra hafa rehetra tokony ho fantatra mikasika ny Kaonty Fametraham-bola sy ny fanamarinana azy izay azon'ny Fikambanana angatahina tsara.

## ANDININY V

### Fampakaran-draharahan'ny Fikambanana

Sokajy 5.01- Mba ho fampiharana ny sokajy 6.02 (1) amin'ny fepetra ankapobe, dia voalaza manokana ihany koa izao toe-javatra manaraka izao izany hoe : nisy toe-draharaha tsy fahita andavanandro izay mahatonga ny fanatanterahana ny Fandaharanasa na ny ampahany mavesatra amin'ny

Fandaharanasa ho tsy azo inoana.

## ANDININY VI

### Fahataperany

Sokajy 6.01 Ny vaninandro mitontona sivifolo -90) andro aorian'ny vaninandro entin'izao Fifanarahana izao dia voalaza manokana ato amin'ireto mba ho fampiharana ny sokajy 12.04 amin'ny Fepetra Ankapobe.

## ANDININY VII

**Fisoloantena ny Mpisambo-bola ; Adiresy**

Sokajy 7.01- Ny Minisitry ny Fitantanam-bola ao amin'ny Mpisambo-bola no solontenan'ny Mpisambo-bola ho fampiharana ny Sokajy 11.03 amin'ny Fepetra Ankapobe.

Sokajy 7.02 - Tondroina manokana ny adiresy manaraka etoana ho fampiharana ny sokajy 11.01 amin'ny Fepetra ankapobe.

Ho an'ny Mpisambo-bola

Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ary ny Tetibola
BP.61
Antananarivo 101
Madagasikara

| | |
|---|---|
| Adiresy telegrafika | Télécopie : |
| MFB | (261) 20.22.34530 |
| Antananarivo | |

Ho an'ny Fikambanana :

Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Fampandrosoana
Washington, DC.20433
Etats-Unis d'Amérique

| | | |
|---|---|---|
| Adiresy telegrafika : | Télex | Télécopie : |
| INDEVAS | 248423(MCI) na | (202) 477-6391 |
| Washington DC | 64145 (MCI) | |

NOHO IZANY, ny andaniny sy ankilany amin'izao Fifanarahana izao,

manao izany amin'ny alalan'ireo solontenany nomem-pahefana ara-dalàna amin'izany, dia nampanao sonia izao Fifanarahana izao, amin'ny

anarany avy tao ___________________________ ; _____________________, ny andro sy taona voalaza eo ambony.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**

Nataon-dR…………………………………….

Solontena nomem-pahefana

FIKAMBANANA IRAISAMPIRENENA MOMBA NY FAMPANDROSOANA

Nataon'i …………………….

Filoha lefitra
Faritra Afrika

* Ny Fifanarahana Fampisamboram-bola dia natao sonia tamin'ny rijan-teny tany am-boalohany amin'ny teny anglisy.

# TOVANA 1

## Fisintonana Tahiry avy amin'ny Fampisamboram-bola

1. Ny tabilao etsy ambany dia manondro ny sokajinà fandaniana ho vatsiam-bola amin'ny alalan'ny Fampisamboram-bola, ny habetsahan'ny Fampisamboram-bola atokana ho an'ny sokajy tsirairay ary ny isan-jaton'ny fandaniana ka omendalana ny famatsiam-bola izany ao amin'ny sokajy tsirairay :

| Sokajy | habetsahan'ny Fampisamboram-bola natokana (lazaina amin'ny DTS) | Isan-jaton'ny fandaniana vatsiam-bola |
|---|---|---|
| 1) Fanafarana entana ka ny famatsiam-bola izany dia nomendalana araka ny voalazan'ny Tohin-tovana amin'izao Tovana 1 izao | 38.000.000 | 100% amin'ny fandaniana amin'ny vola vahiny |
| FITAMBARANY | 38.000.000 | |

2 - Araka ny voalazan'izao Tovana izao, ny fiteny hoe "fandaniana amin'ny vola vahiny dia manondro ny fandaniana natao tamin'ny volan'izay rehetra firenena hafa noho ny an'ny Mpisambo-bola ho an'ny kojakoja avy amin'izay

rehetra firenena hafa noho ny an'ny Mpisambo-bola.

3- Na dia eo aza ny fepetra voalazan'ny paragrafy 1 etsy ambony, tsy misy mihiitsy vola azo sintonina mba hanefana :

a) Ny fandaniana natao talohan'ny vaninandro entin'izao Fifanarahana izao ; na izany aza anefa dia ekena ny fisintonana, vola, hatramin'ny habetsahana ankapobe tsy mihoatra ny setri-bidy 7.600.000 DTS, dia azo atao ho an'ny fandaniana efa natao talohan'io vaninandro io nefa aorian'ny 15 jolay 2002.

b) Ny fandaniana mikasika ny kojakoja azo araka ny fifampiraharaham-varotra izay latsaky ny setri-bidin'ny USD 20.000 ny habetsahany.

c) Ny fandaniana mikasika ny kojakoja azo araka ny fifampiraharaham-barotra izay novatsiam-bola na neken'ny fikambanana na andrim-pitondrana mampiasa vola eto amin'ny firenena na iraisam-pirenene hafa noho ny Fikambanana novatsiam-bola na koa hovatsiam-bola na neken'ny Fikambanana hovatsiam-bola mikasika ny Fampiasamboram-bola hafa ;

d) Raha tsy hoe ahazoan-dàlana mialoha avy amin'ny Fikambanana, ny fandaniana izay mitetina mihoatra ny habetsahana manontolo mahatratra fimampolo isan-jato (50%) ny tetin'ny Fampisamboram-bola ho an'ny iray amin'ireo sokajim-panafarana entana ka ny famatsiam-bola izany dia nahazoan-dàlana, ary tondroina ao amin'ny Tohitovana amin'izao Tovana izao ;

e) Ny fandaniana mifandraika amin'ny kojakoja natokana hampiasaina amin'ny ady na mikasika ny ady na amin'ny aingitraingitra sy amin'ny kojakoja efa niasa ;

f) Ny fandaniana mifandraika amin'ny kojakoja manimba ny tontolo iainana( any amin'ny faran'ity paragrafy ity, ny andian-teny"kojkoja manimba ny tontolo iainana" dia manondro ny kojakoja izay voararan'ny lalanan'ny Mpisambo-bola na ny fifanarahana iraisam-pirenena iandanian'ny Mpisambo-bola ny fanamboarana sy ny fampiasana ary ny fanafarana azy).

g) Ny amin'ny fandaniana i) efa natao tao amin'ny tenim-pirenena rehetra izay tsy Firenena mpikambana ao amin'ny Banky na hanefana ny kojakoja na ny fisahanan'asa avy amin'ireny tany ireny ; na ii) ny amin'izay rehetra fanefana atao amin'ny olon-tsotra na fikambanana, izay rehetra fanafarana kojakoja, raha toa izany fanefana izany na izany fanafarana izany ka voarara noho ny fampiharana ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Filankevi-Pilaminana ao amin'ny Firenena Mikambana araka ny Toko VII amin'ny Dinan'ny Firenena Mikambana ; sy

h) Ny fandaniana mifandraika amin'ny fifanaraham-barotra iray izay namaritan'ny Fikambanana fa ny solontenan'ny Mpisambo-bola na ny mpisitraka ny Fampisamboram-bola dia manao asa fandraisana kolikoly na

fanaovana hosoka, eo amin'ny fotoana fifanolorana na fanatontosana izany fifampiraharaham-barotra izany, ary ny Mpisambo-bola dia tsy nandray amin'ny fotoana tokony ho izy ny fepetra sahaza, heverina fa hahafa-po ny Fikambanana, mba hanarenana ny toe-javatra.

4. Ny Fikambanana dia afaka mangataka ny fisintonana ny kaonty Fampisamboram-boa miainga amin'ny fitanisana ny fandaniana mba hanefana ny kojakoja azo araka ny fifampiraharaham-barotra misanda latsaky ny setribidin'ny USD 2.000.000 isanisany, amin'ireo fepetra nampahafantarin'ny Fikambanana amin'ny Mpisambo-bola.

## FANAMPINY AMIN'NY TOVANA 1

**Sokajinà fanafaran'entana nahazoan-dàlana ho vatsiana ara-bola ao anatin'ny Fampisamboram-bola**

1. Kojakoja momba ny fanorenan-trano toy ny simenitra sy ny akora
2. Kojakoja momba ny fitsaboana sy vokatra amidy any amin'ny farmasia
3. Vokatra fototra toy ny akoranafo, vokatra fandrehitra mandinika sy metaly
4. Zezika sy larony ampiasaina amin'ny fambolena hafa tsy ny famonoana bibikely
5. Fitaovam-pitaterana

## TOVANA 2

### Filazalazana ny Tetikasa

Ny tetikasa dia mikendry ny handray anjara aminà fandaharanasa, fanarenana novolavolaina mba hiantohana ny fahamarinan-toeran'ny toekarena vaventy, hanamboarana indray hoenti-manana eo amin'ny lafiny olona ary hanarenana ny lahasa ara-toekarena sy ara-tsosialy, araka ny fahasahiranana ara-tsosialy sy ara-politika izay nianjady tamin'ny tanin'ny Mpisambotra taorian'ny fifidianana filohan'ny Repoblika notsipahina tamin'ny desambra 2001, amin'ny famatsiana ara-bola ny fanafaran'entana hita ao amin'ny lisitry ny vokatra heverina fa ilaina amin'ny fanatanterahana ny fandaharanasa.

Ny Tetikasa dia famatsiam-bola ny fanafarana ny entana ilaina, amin'ny fomba faran'izay haingana, arak'izay voatondro ao amin'ny Fanampiny amin'ny Tovana 1 amin'ity Fifanarahana ity, na dia eo aza ny fanovàna izay mety hifanarahan'ny Mpisambotra sy ny Fikambanana fa atao amin'io lisitra io mba hahatrarana ilay tanjona .

Ny fifaranan'ny Tetikasa dia heverina ho ny 31 jolay 2003.

## TOVANA 3

## Fifampiraharaham-barotra

Sokajy 1 : Fifampiraharaham-barotra momba ny kojakoja

Fizarana A : Ankapoben-javatra

Ny tsenan'ny kojakoja dia ifampiraharahana araka ny fepetra voalazan'ny sokajy 1 amin'ny "Toromarika mikasika ny fifampiraharaham-barotra vatsiana ara-bola amin'ny Fampisamboram-bolan'ny BIRD sy ny Fampisamboram-bolan'ny IDA" , navoakan'ny Banky tamin'ny volana janoary 1995 sy namboarina tamin'ny volana janoary sy volana aogositra 1996, volana septambra 1997 ary janoary 1999 (Ny Toromarika) sy araka ireto fepetra manaraka ireto ao amin'ny Sokajy I amin'izao Tovana izao.

Fizarana B : Fitaomana hanao tolo-bidy Iraisam-pirenena

1. Na dia eo aza ny fepetra voalazan'ny Fizarana C amin'izao Tovana izao, ny tsenan'ny kojakoja dia omena araka ny fepetra voalazan'ny paragrafy 2.63 sy 2.64 ao amin'ny Toromarika sy ny paragrafy 5 amin'ny Tovana I amin'ireo Toromarika ireo

2. Ity fepetra manaraka ity dia ampiharina amin'ny tsenan'ny kojakoja tokony hoeman araka ny fepetra voalazan'ny paragrafy 1 amin'izao Fizarana B izao.

Fampivondronana ny Fifampiraharaham-barotra

Arak'izay azo atao, dia atambatra ho tsinjara ny tsenan'ny kokakoja ka ny vinavinam-bidiny dia mifanandrify amin'ny 100.000 Dollars na mihoatra ny isanisany.

Fizarana C : Paika hafa anovana fifampiraharaham-barotra

1. Vokatra fototra

Ny vokatra fototra ifanakalozana andavanandro dia azo vidina eny amin'ny tsena iraisam-pirenena hivarotana vokatra vokatra fototra na amin'ny alàlan'ny fitaomana

hifaninanana, araka ny paika heverina fa azon'ny Fikambanana ekena, araka ny fepetra voalazan'ny paragrafy 2.65 amin'ny Toromarika

2. Fakan-kevitra ny Mpamonona entana eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena

Ny tsenan'ny kojakoja (ankoatran'ireo vokatra fototra voalaza ao amin'ny paragrafy 1 amin'ity Fizarana ity) izay latsaky ny setri-bididn'ny 100.000 Dollars isaky ny tsena ny tombam-bidiny, dia azo ifampiraharahana miainga amin'ny paika fakan-kevitra ny mpamonona entana eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, araka ny fpeetra voalazan'ny paragrafy 3.5 sy 3.6 amin'ny toromarika.

3. Sehatra tsy miankina amin'ny Fanjakana

Ny kojakojan'entana nafaran'ny sehatra tsy miankina amin'ny Fanjakana - ankoatran'ny vokatra fototra voalaza ao amin'ny paragrafy 1 amin'ity Fizarana ity) dia azo vidina araka ny fomba fivarotana efa mipetrakan heverin'ny Fikambanana fa mahafapo.

Fizarana D : Fandinihan'ny Fikambanana ny Fanapahana mikasika ny Fifampiraharaham-barotra

1. Fandinihana mialoha

Ny paika arahina voalazalaza ao amin'ny paragrafy 2 sy 3 amin'ny Tovana I amin'ny Toromarika dia ampiharina amin'ny tsenan'ny kojakoja rehetra ka ny tombam-bidiny dia mira na mihoatra ny setri-bidin'ny 2.000.000Dollars

2. Fandinihana aty aoriana

Ny paika arahina voalazalaza ao amin'ny paragrafy 4 amin'ny Tovana 1 amin'ny Toromarika dia ampiharina amin'ny tsena rehetra izay tsy fehezin'ny paragrafy 2 amin'ity Fizarana ity.